TFNAC: Task Force Nationale en Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



VOLY RAKOTRA

Faritra mando eto Madagasikara

# Fambolena Arachis ao anaty tanin-janakazo




Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny GSDM, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny SDMad sy AVSF nandritry ny tetik'asa BVPI SE/HP, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.
Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra mando eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'ny faritra Atsimo Atsinanana.

**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro.
- Mihasimba hatrany ary haingana ny tontolo iainana.
- Mihamarefo ny mpamboly madinika eo amin'ny lafiny tsy fanjariantsakafo.











**Tanjon'ny torolalana ara-teknika :**

- Hanohanana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Hampihena ny fotoana fikojakojana ny tanin-janakazo
- Hahazoana rakotra manatsara sy miaro ny nofon-tany
- Hanatsarana ny sakafo (fikojana ireo kasinga ilain'ny voly anaty tany)
- Handrindrana ny asa famokarana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy

**Tsy mifanaraka intsony amin'ireo zava-misy ireo ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana izao. Hita ohatra izany amin'ny fambolena voankazo sy kafe.**



| | |
|---|---|
| **Fomba mahazatra** | • Mamboly amin'ny tany misolampy nefa tsy mirakotra<br>• Zanakazo tsy ampy fikojakojana<br>• Betsaka ny akata |
| **Olana** | • Kaohan'ny riaka ary mihamanta ny tany<br>• Mihabetsaka ny asa amin'ny fikarakarana ny tany<br>• Ratsy ny vokatra |





**Vahaolana**

Mifehy ny akata amin'ny alalan'ny rakotra, manatsara sy mihazona ny tsiron'ny tany → Mampiasa ny arachis anaty tanin-janakazo na tanin-kafe



# Fambolena ny arachis

**<u>Tanjona :</u>** **Mamokatra rakotra arachis matevina sy haingana**



Voly mandady ny arachis :

Haingana ny fitombony amin'ny tany masaka, miadana amin'ny tany manta

Mahatanty maloka, miadana ny fitombony raha talaky masoandro

Mila hamandoana, tsy mahantanty rano miandrona

## Fotoana fambolena




<u>Mandritra ny fahavaratra no tena tsara :</u>

Desambra – janoary : maharakotra ny tany avy hatrany amin'ny faran'ny rotsak'orana

Februoary – aprily : herintaona vao maharakotra ny tany

<u>Azo atao ihany koa ny mampifanandrify amin'ny asa eo amin'ny tanin-janakazo</u>

April - may : aorinan'ny fiotazana ny vokatra niara nambolena tamin'ny zanakazo, herintaona vao maharakotra ny tany

Septambra – oktobra : mifanadrify amin'ny fotoana fiavana ny kafe, mila manosoka amin'ny fahavaratra

## Volena amin'ny taho na silak'ahitra

<u>Eo am-pambolena, tsara raha lomana ranon-jezika ny taho na ny silak'ahitra mba hanafaingana ny fitombony</u>



**1- Afangaro:** 1/3 tain'omby sy 1/3 tany masaka ary 1/3 rano

**2- Atsoboka** ao anatin'ny fangaro ny vahatra na faritra ambany amin'ny taho ho volena

**3- Volena avy hatrany** ny zanak'ahitra na ny taho avy nalona, atao 2 isan-davaka

Azo atao ihany ny mamboly amin'ny alalan'ny masomboly raha misy ny fomba hahazoana izany

# Arachis anaty tanin-janakazo

## Ny atao

Sorohana na vonoina ireo akata alohan'ny hambolena

Atao mielanelana 40 sm miala ny fotoran-janakazo ny fambolena ny arachis, mba tsy hanelingelina ny fitombony

Tsy voafetra ny elanelana hambolena ny arachis, tsy tokony hihoatra ny 40 sm x 40 sm



## Fitandremana sy fetra

Ela fitombo amin'ny tany be akata, indrindra ny ahipisaka

Volena herintaona aorian'ny nambolena ny zanakazo ny arachis, izany hoe tokony hahazo aina tsara ny zanakazo vao volena ny arachis

Raha tsy voavoly eo no eo, tsara raha atao amin'ny aloka na anaty kitapo ny taho na ny silak'ahitra, volena roa andro aoriana farafahatarany

Mila arahana sy diovina ihany mandritra ny volana vitsy voalohany hambolena azy ary tsy avela hidiran'ny omby




Karazana arachis : *Arachis pintoï, Arachis repens*

**Fitantanana ny rakotra arachis**

Arovana amin'ny omby sy ny akoho ny arachis avy novolena

Havaina ny tanin-janakazo mandram-paharakotry ny arachis

Amin'ny tany mitahiry hamandoana be loatra (baiboho na ambany toerana), dia tokony tapahina matetika na ampandalovina omby ny arachis efa mandrakotra tsara

# Ny tombontsoa mety ho azo

- **Mihena ny fotoana lany amin'ny fanadiovana sy fifafarana ny saha.**
- **Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany.**
- **Manatsara ny nofontany sady mametraka azôta ao anaty tany.**
- Miaro amin'ny vitsika mpanimba ny vony sy ny felan'ny zanakazo.
- Mitazona ny hamandoana ao anaty tany.
- Mamokatra vilona homena ny omby sy ny akoho amam-borona.
- Mamoaka vony azon'ny tantely hakana maminy.
- Maharitra maintso mandavan-taona.



Maro ireo tombontsoa hafa mety ho azo :

- Manafoana ny asa fanalana akata anaty tanin-janakazo na tanin-kafe

50 andro no lany amin'ny mifafatra (manala akata) amin'ny tanin-janakazo 1Ha, ary atao in-droa mihantaona ao anatin'ny taona iray (volana aprily-may sy septambra-oktobra)

Manafoana asa eo amin'ny 100 andro/Ha/taona ity teknika ity indrindra ho an'ny lehilahy (izay tena manao izany asa izany).



- Mampitombo ny fotoanan'ny lehilahy hanampiana ny vehivavy amin'ny asa fikarakarana an-tokantrano sy asam-pamokarana hafa (septambra-oktobra : mikarakara sy mioty ny vary Hosy na ny voly avotra ; aprily-may : mikarakara sy mioty vary Vatomandry).
- Miaro ny fikaohan'ny riaka ny tany manodidina ny fakan'ny kafe (tranga miseho mandritry ny rivo-doza na oram-be).
- Miha-maintso sy miha-matanjaka ny zana-kazo na ny kafe anaty Arachis. Mihatsara arak'izany ny vokatra araka ny filazan'ireo tantsaha nampihatra izany.
- Azo ampiharina amin'ny faritra afovoan-tany ity teknika ity.

Partenaires techniques : SDmad Semis Direct de Madagascar; agronomes & vétérinaires sans frontières; BVPI Projet BVPI SE/HP

Partenaires financiers : AFD; USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE